# TORITENY - ALAHADY faha-32 - TAONA D2019



***Tsy mba Andriamanitry ny maty Izy fa Andriamanitry ny velona.***

Ry Kristianina havana, anatin'ny volana novambra isika izay hivavahantsika manokana ho an'ireo havantsika nialoha làlana antsika, raha ny tena marina volana hibanjinantsika ny fiainan-koavy. Arakaraky ny fiheverantsika ny fiainan-koavy no andrafetantsika ny fiainantsika, eo indrindra no tsy maintsy misy ny safidy tsy maintsy atao izany hoe : raha mihevitra isika fa ny hoavy dia ny fahafatesana tsy misy zavatra hafa intsony aorianan'izany, tsy mahagaga raha mifanipaka sy mifamono isika ka mametraka ity fiainana fandalovana ity anaovana izay hazahoana ny hasambarana eto an-tany nefa tsy hasambarana mankaiza fa mitondra antsika amin'ny fahaverezana. Raha ny fiheverantsika ny hoavy kosa araky ny tenin'Andriamanitra renesintsika amin'izao Alahady faha 32 mandavantaona izao dia mahatonga antsika handrafitra ny fiainantsika mba ho fiainana araka ny maha zanak'Andriamanitra antsika hahatonga antsika ho zanany ka hahazoantsika hasambarana mandrakizay izay tsy misy mahafaka antsika amin'izany satria fiadanana mandrakizay miaraka amin'izy Ray Andriamanitra. Ka eto an-tany isika mandrafitra ny fiainantsika araky ny fenitra sy fahendrena antintranterin'ny lohahevitra androany « tsy mba Andriamanitra ny maty izy fa Andriamanitra ny velona ». Raha miombona aminy isika dia velona miaraka aminy, izany no fahamasinana, izany no katsahintsika mba ho EOV (Eglizy Olona Velona) isika, manomboka izao izany maha EOV izany ka miombona amin'Andriamanitra isika ka velona mandrakizay ao aminy isika. Izany koa no rarintsika ho an'ireo havantsika efa nialoha làlana antsika ary ampianarin'ny vakiteny voalohany antsika izay voalaza ao amin'ny bokin'ny Makabe, tantaran'ireo martiry vavolombelona. Ezaka tsy maintsy ataontsika izany amin'izao taona masina ny misiona izao,

> ***Vakiteny I :*** *2 Mak. 7, 1-2. 9-14*
> ***Salamo :*** *Sal. 97*
> ***Vakiteny II :*** *2 Tes. 2, 16 - 3, 5*
> ***Evanjely :*** *Lk. 20, 27-38*

hahatonga antsika ho EOV misionera ka mameno ireo siny enina, hafatra efa napetraka tamintsika hahatonga antsika ho taranaka mpanorina.

Ry Kristinina havana, hiezahantsika halalinina izany amin'izao Alahady izao, ADY sady DIA amin'ny fankalazantsika ny faha 100 taona ny FET, indrindra ankalazantsika ny kongresy Eokaristika, hahatonga ny finoantsika hivahatra amin'ny fiainantsika ka hampivelatra azy amin'ny fiainana andavanandro. Ho tahaka ireo martiry amin'ny vakiteny voalohany ka hahatonga ireo manodidina ho hino sy hilaza hoe, « *Sambatra izay matin'ny tanan'olombelona manam-panantenana avy amin'Andriamanitra, fa hatsangany ho velona! Fa raha ianao kosa, dia tsy mba ho amin'ny fiainana ny fitsanganananao ho velona* »
inona moa no fototry ny ezaka ataontsika ? Dia tsy inona fa ny famindrampon'Andriamanitra hahatonga antsika ho misionera hanambara ny finoana amin'ireo manodidina antsika. Aoka àry isika mba hijoro lalindalina kokoa, izany rahateo ny fototry ny fampianarana amin'ny evanjely androany.
Raha nahary an'izao tontolo izao Andriamanitra dia nahary antsika olombelona hitovy endrika aminy sy nametraka antsika olombelona ho fototra ny fivelarana maha-olona dia ny fanambadiana ka nahatonga ireo sadoseana izay mahafantatra ny Soratra Masina sy ny lalàna nitady hamitaka sy nizaha ny fomba hamelezana an'i Jesoa ka nametraka fanontaniana mikasika an'ilay lehilahy nanambady maty momba ka ny vehivavy izay navelany mbola nanambady impito ka iza no tena vadiny amin'ny fiainan-koavy ?
Arakaraky ny fiheverantsika ny fahafatesana hoy isika teo no entintsika hamolavolana ny fiainana, izao no navalin' i Jesoa ireo sadoseana : « *tsy Andriamanitra ny maty Andriamanintsika fa Andriamanitra ny velona* ».
Marina mampiombona ny fanambadiana ary lazaintsika koa fa ny fanambadiana dia tokana tsy azo sarahina, izany hoe ny tsy fivadibadihana no fototra araky ny fampianarana ataontsika matetika. Izany no mahatonga ny fiteny hoe ny hanambadian-ko namana. Ny namana miara-dalana manorina fiainana tsy mety ho maro noho izany tokana ny fanambadiana. Ny fiombonana marina ao amin'ny fanambadiana dia tsy azo tanteraka raha tsy amin'ny olona anankiray ihany. Ny fitiavana no mitaky ny toetry ny fanambadiana ireo.
Izao fiainantsika izao, araky ny hevitra noharian'Andriamanitra ny fanambadiana no tsy maintsy entintsika amin'ny fiainan-koavy.
Noho ny fahariana vaovao nentin'i Jesoa izay voafaritra ny fampianarana amin'ny evanjely androany, izay fotom-pinoantsika. Eo anivon'izao tontolo izao ny famatorana amin'ny fanambadiana fa amin'ny fiainan-koavy tsy misy ny ampakarina sy ny mpampakatra izany hoe olona araiky ao amin'Andriamanitra isika tahaka ny anjely sady zanak'Andriamanitra satria zanaky ny fitsangananan-ko velona. Tsy misy mamatopatotra antsika fa ao amin'Andriamanitra tanteraka isika, izany no atao hoe fahamasinana izay nankalazaintsika tamin'ny 01 novambra. Ny fahamasinana dia fiombonana amin'Andriamanitra.
Ny fanambadiana dia sakramenta natao hiainana eto an-tany fa rehefa any an-danitra isika dia olona araiky amin'Andriamanitra. Izany no santarin'ireo mpanokan-tena izay miombona amin'i Jesoa ary fantantsika fa ny voady tsy sakramenta satria efa fisantarana ny fiainan-koavy izany hoe fiombonana amin'Andriamanitra .
Tsy midika izany fa lavorary ireo nanokan-tena, ireo martiry amin'ny vakiteny voalohany maneho izany fiombonana izany tamin'ny fiainany tsy nivadika tamin'ny finoana izany no ambarantsika hoe misionera amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra torak'izany tokoa ireo voatokana ary isika koa dia voatokana ka ho toy izany koa. Hitantsika ireo olomasina na

olontsambatra fantantsika eto amin'ny nosintsika i Victoire Rasoamanarivo sy i Lucien Botovasoa, tao anaty tokantrano izy ireo no nanamasina ny fiainany.
I Jesoa sanatria tsy manaratsy ny fanambadiana na oviana na oviana, fantantsika fa ny fanambadiana no taninketsan'ny vocation, ka mifameno ny fiainana fanambadiana sy ny fanokantena. Ny fanambadiana manomana ny fiainan-koavy, ny fiainana voatokana manambara ny fiainan-koavy. Samy misionera na ny anatin'ny tokantrano na ny voatokana.
Naverintsika matetika tamin'ireny fanambarana olontsambatra an'i Lucien Botovasoa, ilay resaka nanaovany tamin'i masera raha niverina avy any andafy i mompera Thomas Zafimasina izay promotion'ny ramose Lucien Botovasoa, « tsy manenina ve ianao ramose, tsy nanao mompera tahaka azy , » hoy ny fanontanian'ilay masera.  Dia namaly i Lucien Botovasoa, izay fotom-pampianarana ho antsika izay mamintina ny maha EOV antsika, « ianareo masera, frera, mompera indraindray ihany mandeha any an-tànana maneho ny finoana fa izahay kosa eo anivon'izao tontolo izao ». Izany no dikan'ny teny lahika, « izahay isan'andro isan'ora maneho ny finoanay », izany ny atao hoe misionera.
Ampitaina amintsika izany valinteny mafonja nataon'i Ramose Lucien Botovasoa izany amin'izao Alahady tsotra faha 32 mandavantaona ka hirosoantsika ho « EOV misionera aho mameno ny siny enina ».

Manafamafy sy ampianarin'i Md Paoly antsika ao amin'ny vakiteny faharoa, mba hahafantsika mifikitra amin'i Kristy bebe kokoa sady eo ampamaranana ny taona litorjika isika izao, hiainantsika ny maha EOV antsika, mananatra antsika izy « *"Sambatra izay matin'ny tanan'olombelona manam-panantenana avy amin'Andriamanitra, fa hatsangany ho velona! Fa raha ianao kosa, dia tsy mba ho amin'ny fiainana ny fitsanganananao ho velona* »
Izany no hahafahantsika miaina ny maha EOV MISIONERA ka maneho ny fianana miombona amin'Andriamanitra hisantarantsika ny fiainana maha zanak'andriamanitra antsika ka mahatonga antsika miara-milaza amin'i Jesoa hoe *« 'Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'i Isaaka ary Andriamanitr'i Jakôba!' Koa velona eo anatrehany izy rehetra ireo, satria tsy mba Andriamanitry ny maty Izy, fa an'ny velona".*

Ry Kristianina havana, enga anie ny fahasoavan'Andriamanitra hanampy antsika ka ho tahaka ireo martiry voalaza amin'ny vakiteny voalohany, ho tahaka an'i Victoire sy Lucien Botovasoa hanambara fa isan'andro isan'ora isika no maneho fa velona ny Andriamanintsika ka ny fiainantsika manontolo dia mivahatra amin'izany Andriamanitra velona satria raha miara-maty amin'i Kristy isika dia miara-belona aminy ka zary EOV manorina ETA tranoben'Andriamanitra ka tena taranaka mpanorina tokoa isika. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson